REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

MINISTERE
DE LA JUSTICE
DIRECTION DES ETUDES

# TORO-LALANA HO FANAJANA NY ZON'OLOMBELONA
## HO AN'NY MPIANDRAIKITRA NY FAMPIHARANA NY LALANA

UN
DP



HRE/ADM/4R/21

8410

Ho tohin'ny atrik'asa natao tao amin'ny Hotel Madgascar Hilton ny **28 sy 29 Jona 2005** momba ny « Fitsarana ady heloka sy ny zon'olombelona », ny famokarana ity boky ity dia tafiditra ao anatin'ny fandaharan'asa hanovana ny fomba amam-panao hifanaraka amin'ny fanajana ny zon'olombelona eny amin'ny sampan'asa samy hafa miandraikitra ny fampiharana ny lalàna.

Saika ireo nandray anjara tamin'io atrik'asa io na nandavorary farany ny fanoratana ity boky ity ka nahitana olona avy ao amin'ny :

**Ministeran'ny Fitsarana :**

- Atoa isany :
  - RAKOTONIAINA Lucien, Mpitsara Talen'ny Fandinihina
  - ANDRIANASOLONJANAHARY Jean Emile, Mpitsara
  - WILLIAM Odon Jacques, Mpitsara
  - ANDRIAMIHANTA Fanomezantsoa Benjamin, Mpitsara
  - RASOLOFONDRABARY Iarilanto Michel, Lehiben'ny Sampan'asa tahiry boky
- Rtoa isany
  - RALAIVOARISOA Lalane Josiane, Mpitsara
  - RAKOTOARIVONY Marie Annick, Mpitsara
  - RAFIDISON Voahangy Nirina Danielle, Mpitsara
  - RAZAFIMELISOA Odette Balisama, Mpitsara, Lehiben'ny Sampan-draharaha momba ny fonja
  - PAKINA Mauricia,
  - RAKOTONANAHARY Daniel
  - RAVONIANDRO Rina

**Fitsarana :**

- Rtoa isany :
  - RAZAFIMELISOA Odette Balisama, Mpitsara
  - ANDRIAMBELOSON Hantasoa, Mpitsara
  - RAFALIMANANA Holinirine Viviane, Mpitsara

**Polisim-pirenena :**

- Rtoa sy Atoa isany :
  - RAMAMONJISOA Bertrand
  - RABETAFIKA Fulgence
  - RASOAMANANJARA Marie

HREJ A DM | 4 R | 21

**Zandarimariam-pirenena :**

- Atoa isany :
  - TOVOSON Eduard
  - RANDRIANARIJADNA Jocelyn
  - Lieutenant Roger

**Olafitry ny mpisolovava :**

- Atoa : - ANDRIANAHAGA Eric

**ONG :**

- RASOAMANAMBOLA
- RAFOLISISOA Hanitriniala
- RAHARINARIVONIRINA Maria
- RABETOKOTANY Laure

**PNUD :**

- Sara SIGHINOLFI

**Ireo Mpitantsoratra :**

- RAJERISON Fanomezantsoa
- RAKOTOMANANA Mamiherilaza
- RANDRIANANTENAINA Hajasoa
- RAZAFIMANDRANTO SOLOARIVONY Fleurette

Ity boky ity dia fitaovana enti-miasa omena ireo mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna.

Nalamina manokana izy ity mba hanajana ny zon'olombelona amin'ny fotoana hampiaharana ny lalàna
I Madagasikara dia nankato ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona , indrindra ny :

- NY FANAMBARANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY ZON'OLOMBELONA,
- NY SATAN'NY FIRENENA MIKAMBANA
- DINA IRAISAM-PIRENENA HO FANAJANA NY ZO SIVILY SY POLITIKA,
- FIFANARAHANA IRAISAM-PIRENENA MIADY AMIN'NY FANAVAKAVAHANA AMIN'NY ENDRINY REHETRA,

ary nanoratr' izany ao anatin'ny lalam-panorenany.

Antsoina hoe mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna ireo mpikaroka izay olona heverina fa nahavita heloka ka manana fahefana hanapa-kevitra momba izany
Tafiditra ao anatin'ny mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna ny mpitandro ny filaminana, ny Mpitsara, ny polisy, ny zandary ary ny mpiambina ny fonja

Natonta ity boky ity hanampiana azy ireo hanaja ireo zo-fototra iraisam-pirenena ka izany dia mandritra ny fotoana :

- fisamborana,

- andraisana fanapahan-kevitra hampiasa hery na fitaovam-piadiana

- fihazonan'olona atao andri-maso,

- fanadihadiana

- hakana fanampahan-kevitra hampiditra am-ponja

Misy fizarana isaky ny loha-hevitra velabelarina izay mamintina ny fenitra iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona tokony ho fantatry ny mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna mandritry ny fotoana hanatanterahany ny asany.

Ity boky ity dia ahitana koa ireo fomba amampanao mendrika manaja ny lalàna ary manaraka ny fenitra iraisam-pirenena

Tsy adino ihany koa ny fiarovana manokana ho an'ireo:

- niharam-boina,

- zaza tsy ampy taona

- vehivavy ary ny vahiny

| | | Pejy |
|---|---|---|
| Tari-dresaka | | 3 |
| I. | Fitondra-tena mendrika sy manara-dalàna. | 5 |
| II. | Tsy fisian'ny fanavakavahana eo amin' ny fampiharana ny lalàna | 7 |
| III. | Ny fisamborana. | 10 |
| IV. | Ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro filaminana | 15 |
| V. | Ny famonjana. | 20 |
| VI. | Ny fiarovana ny zaza tsy ampy taona | 26 |
| VII. | Ny zo fototra ho an'ny vehivavy. | 32 |
| VIII. | Ny vahiny tsy mizaka ny zom-pirenena malagasy | 36 |
| IX. | Ny zon'ny niharan-boina | 37 |
| X. | Ny fampiasana hery na fitaovam-piadiana | 39 |
| XI. | Ny mpitandro filaminana eo anivon'ny fiaraha-monina | 42 |
| XII. | Ny mpitandro filaminana sy ny zon'olombelona | 44 |
| TOVANA | | 48 |

## MANANA TOETRA MENDRIKA SY MANAJA NY ZON'OLOMBELONA NY MPIANDRAIKITRA NY FAMPIHARANA NY LALANA

### FOTO-KEVI-DEHIBE

- Ny zon'olombelona dia avy amin'ny fanajana ny zo aman-kasina tandra vadi-koditry ny maha olombelona, narafitra ho lalàna iraisam-pirenena ary fehezin'ny fanaraha-maso iraisam-pirenena
- Ireo foto-kevi-dehibe iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona dia mamatotra ny firenen-drehetra nankato azy sy ny olona monina, miasa ary mivezivezy aoamin'ny taniny, ary indrindra indrindra ireo mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna.
- Ny mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna dia tsy maintsy mahafehy ary mampihatra ireo foto-kevi-dehibe iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona.
- Ny hetsika rehetra ataon'ny mpiandriakitra ny fampiharana ny lalàna dia :
    - tsy mahazo mivaona amin'ny ara-dalàna,
    - tsy misy fanavakavahana,
    - mifanaraka amin'ny tranga-javatra,
    - ary tsy maintsy mitandro mandrakariva ny hasina maha-olona
- Ny mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna dia tsy maintsy manefa hatrany ny adidy izay apetraky ny lalàna aminy, eo amin'ny fitandroana

ny fiaraha-monina an-kapobeny sy ny fiarovana ireo rehetra iharan'ny tsy ara-dalàna na iza izy na iza, mba ho fanajana ny fandraisana andraikitra ateraky ny asany.

- Fadian'ny mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna ny fanaovana kolikoly amin'ny asany. Toheriny sy enjehiny mafy ny fomba rehetra mifanahaka amin'izany.

  Tsy maintsy mamaky bantsilana ny tsy fanajana ny zon'olombelona fantany ny mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna.

## TORO-LALANA ENTI-MAMPIHATRA NY LALANA

- Tandrovy fatratra, ary aza atao ambanin-javatra mihintsy ny fanajana ny zo aman-kasina maha-olombelona.
- Eo ampanatanterahana ny asany, ny fanarahana ny baikon'ny lehibe dia tsy manafaka ny mpanatanteraka raha misy fanitsakitsahana zon'olombelona ataony.
- Anaovana tatitra hatrany ny trangan-javatra miendrika ho fanitsakitsahana ny hasina maha olona
- Ezaho ny hahalalana tsara ny paika arahina raha handray fitoriana na hampahafantatra fitrangan-javatra miendrika fandikan-dalàna.

## TSY MISY AMBONIN'NY LALÀNA

### FOTO-KEVI-DEHIBE

- Ny olombelona rehetra nateraka dia manana ny fahalalahany, ary mitovy zo aman-kasina
- Mitovy saranga ny rehetra eo anatrehan'ny lalàna
- Mitovy ny tsirairay eo anatrehan'ny fiarovan'ny lalàna.
- Ny mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna dia tsy maintsy manaja sy mitandro ny hasina maha olombelona ary miaro ny zo fototra ananan'ny olona na iza izy na iza.
- Eo anivon'ny fiaraha-monina an-kapobeny, ny mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna dia tsy tokony hanao fanavakavahana mifototra amin'ny ny firazanana, ny maha-lahy na ny maha-vavy, ny fari-piainana, ny finoana, ny fiteny, ny volon-koditra, ny firehan-kevitra politika, ny fihaviany, ny nahaterahany na nohon'ny anton-javatra hafa.
- Ny fikarakarana manokana hataon'ny mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna ho fitsinjovana ny toerana misy sy ny zavatra ilain'ny olona vokasik'izany, indrindra ny :
  - vehivavy bevohoka,
  - reny mitaiza kely
  - zaza tsy ampy taona,
  - marary,
  - zokiolona

- ary ny olona rehetra mila fikarakarana manokana araka ireo foto-kevi-dehibe iraisam-pirenana mikasika ny zon'olombelona, ka izany dia tsy fanavakavahana mifanohitra amin'ny lalàna.

**TORO LALANA ENTI-MAMPIHATRA IREO FOTO-KEVI-DEHIBE**

- Ataovy mitovy hatrany ny fandinihana ny raharaha rehetra.
- Omena fikarakarana manokana ireo olona izay mila izany noho ny maha olona marefo azy ireo, ka ao anatiin'izany ny :
  - zaza tsy ampy taona,
  - vehivavy,
  - kilemaina,
  - zokiolona,
  - marary sy izay rehetra tokony hahazo izany
- Ialao ary fadio ny teny fandrabirabiana na fanesoana momba ny maha-lahy na ny maha-vavy, momba ny kilema ara-tsaina na ara-batana, ny finoana na ny foko nihavian'ireo olona voasambotra na niharam-boina
- Ataovy vonona hatrany ireo olona afaka miahy sy mamonjy ireo niharan-doza arak'izay azo atao
- Kendrena ny hisian'ny mpitandro filaminana lahy na vavy araka ny trangan-javatra
- Hamoraina ny fahazoana miantso haingana dokotera, mpampivelona, mpamonjy voina ... rehefa ilaina izany

## VOARARA NY FAMPIJALIANA OLONA VOASAMBOTRA

### FOTO-KEVI-DEHIBE

- Zon'ny tsirairay ny fahalalahana, ny fiarovana ny ainy, ary ny fahazoana mivezivezy malalaka.
- Ny lalàna anatiny sy ny lalàna iraisam-pirenena nankatoavina no mamaritra sy mandamina ny fahazahoana manohintohina sy mametra ny fahalalahana noho ny antony manokana.
- Tsy misy azo samborina na hazonina amin'ny tsy antony ;
- Tsy maintsy ampahafantarina avy hatrany ny olona voasambotra ny antony nisamborana azy.
- Tsy maintsy ampahafantarina ny olona voasambotra ny zony.
- Heverina ho tsy manan-tsiny ny voampanga tsy mbola voaheloka aram-pitsarana ka tsy mbola namoahana didy raikitra.
- Raha fantatra ny fianakavian'ny olona voasambotra dia tsy maintsy ampahafantarina azy haingana ny fisian'ny fisamborana sy ny toerana ihazonana azy.
- Isaky ny misy fisamborana olona dia tsy maintsy lazaina azy ny andinindalàna manamarina ny fisamborana, hanaovana fitanana an-tsoratra izay mirakitra ny fotoana nisamborana azy, ny ora nandefasana ilay olona tao amin'ny toerana fihazonana , ny andro sy ny ora nampitana ny antontan-taratasy nankany amin'ny fampanoavana,
- Vakin'ny mpanao fanambarana ny teniny voaraikitra ao amin'ny fitanana an-tsoratra mialohan'ny hanaovany sonia.

- Tsy azo atao ny manery olona hiampanga tena.
- Raha toa ka ilaina izany dia iantsoana mpandika teny.
- Ny olona rehetra izay voasambotra dia manana zo ho zahan'ny dokotera alohan'ny fanadihadiana.
- Ny olona voasambotra dia atolotra ny fampanoavana rehefa tapitra ny fe-potoana ahazoana mihazona azy araka ny voafetran'ny lalàna.

**TORO-LALANA ENTI-MAMPIHATRA IREO FOTO-KEVI-DEHIBE**

- Hajaina an-tsakany sy an-davany ny fe-potoana voafaritry ny lalàna ahazoana manao andrimaso ireo olona atao fanadihadiana.
- Tsy maintsy manao tatitra any amin'ireo lehibeny ireo nanao ny fisamborana ary takiana aminy ny fitanana an-tsoratra ahafantarana fa feno sy manara-dalàna ilay izy.
- Raha toa ka tsy hary fomba ny toerana fihazonana satria tery raha oharina amin'ny isan'ny olona raisina dia ilazana ny lehibe hikaroka vaha-olana
- Ampahafantarina ny voasambotra fa manana zo izy ho hatrehin'ny mpisolovava na olon-kafa izay atokisany mba hahafahany mampiasa ny zo hiaro-tena.
- Aza hadino ny mampahafantatra ny niharan-boina ny zony, ny vavolombelona na ny olona ahiahiana alohan'ny hihainoana azy.
- Tsy azo atao ny fampijaliana amin'ny endriny rehetra na misy aza olona voasambotra be famaliana.

- Ampahafantaro ny fianakavian'ny olona voatazona ny zony ho zahan'ny mpitsabo.
- Tsy atao fanao ny fisamborana olona amin'ny faran'ny herinandro satria manalava tsy ara-drariny ny fotoana ihazonana azy.

## NY FANADIHADIANA TSY MIDIKA HO FANAMELOHANA

### FOTO-KEVI-DEHIBE

**Momba ny fanadihadiana, ny fihainoana ny vavolombelona, ny niharam-boina sy ny olona ahiahiana ho nahavita heloka, ny fisavana ny eny an-koditra, ny fisavana ny fiara, ny fisavana trano, ny famakiana taratasy ifandefasan'olona, ny fihainoana resaka an-tariby ifanaovan'olona :**

- Ny olona rehetra dia heverina ho tsy manan-tsiny raha mbola tsy voatsara ara-dalàna ary namoahana didy raikitra milaza fa meloka izy.
- Adidin'ny tsirairay ny misoroka ny loza mety hihatra aminy.
- Arovan'ny lalàna ny tsiambaratelon'ny fiainana manokana ao an-tokantrano sy ny taratasy ifandraisana amin'ny hafa.
- Tsy azo tohinina tsy an-drariny ny voninahitry ny olona
- Na iza na iza dia tsy azo alaim-baraka eo amin'ny mpiara-monina.
- Eo am-piandohan'ny fakana am-bavany voalohany dia manana zo ny olona ahiahiana ho nahavita heloka bevava na heloka tsotra hifidy mpiaro avy amin'ireo mpisolovava na mpisolovava mizà-draharaha amin'ny holafitra eto Madagasikara na koa mpitan-draharaha na olon-kafa izay tiany raha eken'ny lalàna manankery izany (and. 53 ao amin'ny lalàna 97-036 tamin'ny 30 oktobra 1997).
- Zon'ny tsirairay ny miresaka manokana amin'ny mpiaro azy.
- Tsy terena hiampanga tena na hiaiky heloka ny olona voasambotra.

- Tsy azo anaovana herisetra ara-batana na ara-tsaina ireo olona voakasiky ny fanadihadiana
- Raràna ny fampijaliana sy ny fomba mamoa-fady na mampietry ny maha olona.
- Ny fanadihadiana dia tsy maintsy manaja ireo fepetra voatondron'ny lalàna.
- Vitaina ao anatin'ny fotoana ara-drariny ny fanadihadiana ary ialàna ny fitongilanana.
- Mandritra ny fanadihadiana dia tsy azo atao ny mandray fepetra tsy ara-drariny na manao fiteny tsy voahevitra.
- Ny fanadihadiana dia natao indrindra :
  - hikarohana ny fisian'ny heloka sy ny porofo milaza ny fisiany,
  - hamantarana ireo olona mety nahavita ny heloka
  - hanolorana azy eo anatrehan'ny manam-pahefana ara-pitsarana.

**TORO-LALANA ENTI-MAMPIHATRA IREO FOTO-KEVI-DEHIBE**

☞ Hamarino tsara sao ady madio ny raharaha ka tsy tokony hisy fanadihadiana na fanenjehana ara-keloka

☞ Torona lalana ireo mpiady roa tonta hitondra ny raharahany eny amin'ny fitsarana ady madio raha fitakian-trosa fotsiny no ifanolanan'izy ireo.

- Ataovy izay ahavitan' ny fanadihadiana haingana nefa feno. Aza asaina miverimberina foana na ampiandrasana maharitra ny olona.
- Tadidio fa misy mpiandry raharaha ao amin'ny Fampanoavana ny andro asabotsy ka tokony hatolotra azy ireo olona vita fanadihadihana amin'io andro io.
- Ataovy tsara tahiry ny fitanana an-tsoratra mirakitra ny antsipirian'ny fakana am-bavany rehetra.
- Alohan'ny fanadihadiana dia ilaina ny manamarina mialoha na misy tokoa na tsia ny fandikan-dalàna ka ilàna fanokafana fanadihadihana.
- Raha misy fisalasalana momba ny maha ara-dalàna na tsia ny zavatra tiana hatao mandritra ny fanadihadiana dia aleo maka toromarika avy amin'ny lehibe.
- Aza avy hatrany dia mihanona fotsiny amin'ny fiaikena heloka. Ny zava-kendrena amin'ny fanadihadiana dia ny hanangonana porofo mitombona.
- Aza sakatsakanana na raràna tsy hiresaka na hifanoratra amin'ny mpiaro azy ny voampanga.
- Aza hadino fa ny mpiaro dia mahazo manao izay fanamarihana heveriny fa mifanandrify amin'ny tombontsoan'ny olona arovany ary am-piarahana amin'ny fitanana an-tsoratra izany fanamarihana izany.
- Ny fisavana trano dia tsy maintsy manaja ny fepetra voalazan'ny Lalàm-panorenana sy ny lalàna.

**ZON'NY VOASAMBOTRA NY HANATREHAN'NY OLONA NOFIDIANY MANDRITRA NY FANADIHADIANA**
**(Lalàna faha 97-O36 tamin'ny 16.1O.97)**






## VOARARAN'NY LALANA IRAISAM-PIRENENA NANKATOAVINA NY FAMPIASANA FAMPIJALIANA

**(and. 5, Sata Afrikanina momba ny zon'olombelona sy ny vahoaka)**





# TSY AZO ATAO

## TSY NATAO HAMPAHORIANA OLONA NY FANAOVANA ANDRY MASO

### FOTO-KEVI-DEHIBE

- Ny famonjana olona alohan'ny hitsarana azy dia atao noho ny antony manokana fa tsy atao fomba fiasa tsy misy fanavahana.
- Ny olona voafonja dia tsy azo anaovana fihetsika tsy mendrika ary tsy maintsy tandrovana ny fanajana ny maha olombelona azy.
- Ny olona enjehina noho ny fandikan-dalàna dia raisina toy ny tsy manan-tsiny mandra-pisian'ny didim-pitsarana raikitra manambara fa meloka izy.
- Tsy misy olona voafonja azo ampijaliana ara-batana na ampiharana sazy na fomba feno habibiana tsy zakan'olombelona na mampietry azy na fomba hafa misy hetraketraka na fampihorohoroana.
- Ny olona voafonja dia tsy azo terena hiampanga-tena na hiaiky heloka.
- Tsy maintsy hajaina ny zo ary ny sata manokan'ny vehivavy sy ny zaza tsy ampy taona.
- Ao amin'ny toerana famonjana dia misara-toerana ny zaza tsy ampy taona sy ny olon-dehibe, ny lahy sy ny vavy ary ny tsy mbola voatsara sy ny efa manefa sazy.
- Ny fanapahan-kevitra momba ny faharetana sy ny maha ara-dalàna ny fihazonana dia andraikitry ny manam-pahefana ara-pitsarana
- Ny olona voafonja dia manana zo hahafantatra ny antony ihazonana azy sy ny antony iampagana azy.

- Ny olona voafonja dia manana zo hifandray amin'ny any ivelany, handray ny havany izay mamangy azy ary hifampiresaka amin'izy ireo manokana na samirery na miaraka amin'ny mpiaro azy.
- Ny tontolo iainan'ny olona voafonja dia tokony hifanaraka amin'izay ilain'ny olombelona, eo amin'ny lafiny :
  1. fahasalamana,
  2. sakafo,
  3. rano,
  4. fitafiana ,
  5. fitsaboana,
  6. toerana ipetrahany,
  7. fahafahana mitaiza vatana amin'ny alalan'ny fihetsiketsehana,
  8. fidiovana.
- Tsy maintsy hajaina ny finoana ara-pivavahana sy ara-pitondrantenan'ny olona voafonja.
- Ny fepetra famaizana dia tsy maintsy ireo voalazan'ny lalàna sy ny didim-panjakana ihany ary ferana amin'izay ilaina hisorohana ny loza mety hitranga mandritra ny famonjana
- Ny olona voafonja dia tsy maintsy tsaraina ao anatin'ny fe-potoana ara-drariny ary tsy maintsy avoaka raha dila ny fe-potoana tondroin'ny lalàna ahazoana mihazona azy ao am-ponja.

## NY FANAOVANA ANDRIMASO SY FAMONJANA

- Fantarina tsara ny momba ny zava-bitan'ny olona hazonina atao andrimaso tsirairay hahalalanao hoe iza avy no tena atahorana.
- Aza manapa-kevitra hihazona olona atao andrimaso raha tsy hoe tena ilaina amin'ny fizotran'ny fanadihadiana, na atahorana handositra ilay olona, na koa tsy manam-ponenana mazava, na noho ny antony hafa mety hanelingelina ny fikarohana ny marina, na ny filaminam-bahoaka.
- Hamoray ny famangiana ataon'ny mpitondra fivavahana, ny mpisolo vava, ny havana, ny mpanao fisafoana ny fonja, ary ny mpitsabo.
- Anaovy mandrakariva ny mari-pamantarana anao ary ataovy talaky maso sy mazava.
- Aza mitondra basy rehefa miditra ao amin'ny toerana fanaovana andrimaso raha tsy hoe hitondra voahazona mivoaka.
- Anaovy fisafoana matetika ny ao amin'ny toerana famonjana olona atao andrimaso hisian'ny filaminan-tsaina.
- Mifandraisa akaiky amin'ny mpitsabo ahafantarana ny fepetra raisina momba ny fifadian-kanina tokony hataon'ny olona voahazona noho ny fahasalamany.

- Manaova tatitra avy hatrany raha vao misy fiahiahiana fampahoriana ara-batana na ara-tsaina atao amin'ny olona voahazona.
- Aza ampiasaina hanasaziana olona mihitsy ny fitaovana toy ny fatoram-by. Ny hany ampiasana azy, raha tena ilaina, dia hisorohana ny fandosirany rehefa hafindra toerana izy, na raha misy baikon'ny Tale noho ny tsy fahombiazan'ny fomba hafa, ka atahorana ny hisian'ny fandratran'olona na fanimban-javatra.
- Hamoray ny fomba ahazoan'ny olona voahazona miala voly, mamaky boky sy manoratra.
- Aza sakanana tsy hanatanteraka ny fomba ara-pivavahana mahazatra azy ny olona atao andrimaso.
- Ianaro tsara ny toro-marika momba ny fampiasana hery.
- Ataovy fotoana fanao mahazatra ny fihaonana amin'ny mpampanoa lalàna, ny mpitsara, sy ny mpanao famotorana ahafantarana izay olona tsy tokony hohazonina intsony.
- Vehivavy ihany no asaivo miambina na misava na manara-maso ny vehivavy atao andri-maso.
- Rarao ny fidiran'ny lehilahy any amin'ny toerana voatokana ho an'ny vehivavy, raha tsy hoe misy fahamehana.
- Raha vao tonga ny voafonja dia jereo tsara sao misy soritra fisian'aretina, faharatrana, fahamamoana avy amin'ny

fisotroan-toaka na fandraisana zavatra mahadomelina hafa, na fahavoazana ara-tsaina.

- Ataovy tsotsotra ny fandaminana ny olana vokatry ny tsy fanarahana fitsipika toy ny toe-javatra mahazatra rehetra. Ny toe-javatra tsy andeferana kosa, izay tsy maintsy hampanfantarina ny olona atao andri-maso, dia ampiharana ny fomba voatondro.
- Raha toa ka tsy ary fomba ny toerana fihazonana (tery loatra, maloto) na tsy mahazo sakafo ny olona voatazona, dia azo atao ny miara miasa amin'ny ONG.




Tsy azon'ny mpikaroka ny fandikan-dalàna na ny mpiandraikitra ny fampiharana ny lalàna atao ny manokatra fanadihadiana na manao famotorana momba ny raharaha ady madio toy ny fitakiana trosa.



**Sarahina toerana ireo voafonja lahy, vavy, sy ireo ankizy.**



## MILA AROVANA MANOKANA NY ZAZA TSY AMPY TAONA

### FOTO-KEVI-DEHIBE

**Toy izao manaraka izao ny fisehoan'izany fiarovana manokana izany :**

- Ny tombotsoa ambony indrindra ho an'ny zaza no omena laharam-pahamehana amin'ny raharaha rehetra mahakasika ny zaza tsy ampy taona.
- Ny zaza tsy ampy taona dia karakaraina manokana mba hahafahany mahatsapa ny hasina maha-olombelona azy sy ny maha izy azy, izany dia atao mba hanamorana ny fiverenany am-pahamendrehana eo anivon'ny fiarahamonina sy, amin'ny toerana mifanaraka amin'ny tombontsoany, amin'ny maha-zaza tsy ampy taona azy
- Ny zaza tsy ampy taona dia tsy azo hampijaliana na omena sazy tsy zakan'olombelona na mampietry azy.
- Ny fisamborana, ny fihazonana na famonjana zaza tsy ampy taona dia fepetra tsy raisina raha tsy misy fomba hafa azo atao.
- Raha mbola azo atao ny mandray fepetra hafa noho ny fampidirana am-ponja vonjy maika, toy ny :
    - fanaraha-maso akaiky,
    - fanampiana.azy manokana,
    - fametrahana azy ho taizain'ny fianakaviana iray,
    - fampidirana azy ho taizana any amin'ny akany.
- Raha vao voasambotra ny zaza tsy ampy taona dia tsy maintsy ampandrenesana avy hatrany ny ray aman-dreniny na ny mpiahy azy, ary raha tsy vita eo noho eo izany dia atao anatin'ny fotoana

farany izay haingana indrindra izany filazana fisamborana izany ;

- Ny zaza tsy ampy taona voasambotra na voafonja dia. tsy ampiarahina amin'ny olon-dehibe.
- Ny zaza tsy ampy taona voafonja dia azon'ny havany vangiana sy ifandraisana an-taratasy.
- Tsy tompon'andraikitra ara-keloka ny zaza latsaky ny 13 taona.
- Misy fomba hafa tsy ombam-pitsarana na vaha-olana hafa azo ampiharina amin'ny zaza tsy ampy taona kanefa tsy maintsy mitandro mandrakariva ny zon'olombelona.
- Ny fiaina-manokan'ny zaza tsy ampy taona dia tsy maintsy hajaina, ary tokony ho feno sy azo antoka ary atao tsiambaratelo ny antotan-taratasy mirakitra ny raharahany
- Tsy azo atao ny mitondra basy ao amin'ny akany fitaizana zaza tsy ampy taona.
- Hajaina ny fahalalahan'ny zaza tsy ampy taona, ary hampianarana izy :
    - ho tia fahamarinana,
    - hanaja ny tenany sy ny hafa,
    - ahafantatra ny maha zava-dehibe ny zon'olombelona.
- Ny mpiasam-panjakana miandraikitra ny zaza tsy ampy taona dia tokony ho olona nahazo fiofanana manokana momba izany ary manana fahavononana ara-panahy ampy hanatanterahana izany andraikiny izany.
- Ny mpiandraikitra ny fanaraha-maso dia tokony hitsidika matetika ny toerana voatokana ho an'ny zaza tsy ampy taona
- Ny ray aman-drenin'ny zaza tsy ampy taona dia tsy maintsy ampandrenesina raha nosamborina, na nohazonina na nafindra toerana na marary na maratra na maty ilay zaza.

## NY FANAOVANA ANDRY MASO

- Manaraha fiofanana manokana ahafantaranao tsara ny fomba hitantanana ny raharahan'ny zfza tsy ampy taona.
- Hajaina ny sata maha-zaza rehefa manao fanadihadihana ary ampifanarahana amin'izany sata izany ny fomba hitondrana ny fanadihadiana. Ialana ny fampiasana herisetra sy fampijaliana.
- Ataovy izay hifankahalalana amin'ny zaza sy ny ray aman-dreniny ao amin'ny toerana nametrahana azy.
- Fantaro ny toerana misy ny olon-dehibe mety hampiana-dratsy, toy izany koa ireo zaza mivezivezy amin'ny toerana misy ilay zaza.
- Manaova fanadihadiana avy hatrany raha misy soritra ahitana fa niharan'ny fampijaliana ilay zaza tao antokan-trano
- Raha fandikan-dalàna maivana no nataony, alefaso mody any amin'ny ray aman-dreniny izy rehefa nahazo fananarana mba tsy hamerin-keloka.
- Avaho tsara ary tehirizo amin'ny toerana azo antoka ny antontan-taratasy mirakitra ny raharahan'ny zaza tsy ampy taona.
- Raha hita fa tsy ho vitan'ny mpiara-miasa ny fikarakarana ireo raharahan'ny zaza tsy ampy taona dia ilazana ny lehibe.
- Amporisihina ny tompon'andraikitra haka fepetra hafa noho ny fametrahana ny zaza any amin'ny akany fanarenana, ka azo eritreretina mandray fepetra toy ny :

- ➢ fanampiana amin'ny alalan'ny fizahan-toetra arahina fanaraha-maso.
- ➢ Taridalana anarahana fampianarana na fiofanana.

- ☞ Mikasika ny zaza tsy ampy taona voafonja rehetra, dia anaovy antotan-taratasy feno mirakitra ny mombamomba azy, ny antony nampidirana azy am-ponja, ny andro sy ora nidirana am-ponja, ny andro sy ny antony namidran-toerana raha misy izany ny fotoana namoahana azy, ary ny antsipiriany ny filazana ny zava-misy tamin'ny ray aman-dreniny, ny olana ara-pahasalamana ary ny anaran'ny olona miandraikitra ny fiambenana sy ny fikarakarana azy.
- ☞ Amoraina ny fahazoan'ny zaza mitaraina eo anatrehan'ny lehiben'ny fonja momba ny olana mianjady aminy mandritry ny fotoam-pamonjana.
- ☞ Amporisihina ny fandraisana anjara amin'ny famolavolana sy famaritana fandaharan'asa iombonan'ny mpiara-monina mba hisorohana ny fironan'ny zaza tsy ampy taona handika lalàna.
- ☞ Eritrereto dieny mialoha ny fandinihana sy fanavaozana ara-potoana ny politika mikasika ny fitondrana ny zaza tsy ampy taona nandika lalàna, ka handraisan'ireto sokajin'asa ireto anjara :
    - ➢ Sampan'asa mikarakara raharaha sosialy asa sosialy
    - ➢ Sampan'asa mikarakara ny fahasalamana
    - ➢ Sampan'asa avy ao amin'ny Fitsarana
    - ➢ Solotena avy amin'ny vondrom-bahoaka
- ☞ Ataovy tomombana tsara ny fepetra arahina hanafainganana ny fiatrehan'ny zaza tsy ampy taona voafonja Fitsarana,

- Ataovy izay hisian'ny fifandraisana sy fiaraha-miasa akaiky amin'ny mpiandraikitra ny zaza tsy ampy taona ao amin'ny fitsarana, ny sampan-draharaha mikarakara ny fiarovana ny zaza tsy ampy taona, ary ny sampan-draharahan'ny fahasalamana sy ny asa sosialy.
- Arak'izay azo atao, atsangàna ny sampan-draharaha manokana mikarakara ny zaza tsy ampy taona, ka ahitana manam-pahaizana handinika ny antony manosika ny zaza tsy ampy taona handika lalàna
- Asiana toro-marika mazava mba ho fiarovana sy fanajana ny maha tsiambaratelo ny raharaha mahakasika ny zaza tsy ☞ mpy taona.
- Arahina maso ny mpiasa ireo mpiandrakitra ny zaza tsy ampy taona mba hisorohana ny fampiasana herisetra na fampijaliana ary anaovana fanadihadiana raha nisy izany,

Arovana ho tsiambaratelo ny fanokafana fanadihadiana mikasika ny zaza tsy ampy taona nanao heloka na niaran'ny heloka. Tsy azo alaina sary aparitaka amin'ny haino aman-jery ny zaza nanao heloka na niharan'ny heloka.



## MANANA ZO MANOKANA NY VEHIVAVY

### FOTO-KEVI-DEHIBE

- Iantohana ny fitoviana lenta eo amin'ny lahy sy ny vavy manoloana ny fizakana sy fiarovana ny zo aman-kasina maha-olombelona eo amin'ny lafiny politika, toekarena, sosialy, koltoraly, ary amin'ny lafiny hafa.

- Isan'izany ny : Zo

  - Ho velon'aina
  - Iaina am-pilaminana ary mahazo fiarovan'ny lalàna izay mandrara ny fanavakavahana ,
  - Ahazo fiarovana eo amin'ny lafiny fahasalamana na ara-batana na ara-tsaina
  - Ahazo fiarovana hisorohana ny fampijaliana na fanomezana sazy tsy zakan'olombelona na mampietry.

- Ny herisetra atao amin'ny vehivavy dia mety ho na ara-batana na ho ara-tsaina. Azo tanisaina ho isan'izany ireto manaraka ireto :

  - Ny famonoana.
  - Ny herisetra ampiasaina ahazoana firaisana ara-nofo
  - Ny fanolanana atao amin'ny vady
  - Ny fomban-drazana mitera-pahavoazana ho an'ny vehivavy
  - Ny fanolanana na herisetra ara-nofo atao ivelan'ny tokan-trano

- Ny fivarotan-tena tsy antsitra-po
- Ny fivarotam-behivavy miaro fanararaotana ary ampiasana herisetra
- Ny fanerena ny vehivavy miasa hanao firaisana ara-nofo ho tambin'ny fanomezana asa na fanondrotana azy eo amin'ny asany

- Ny herisetra atao amin'ny vehivavy dia fanitsakitsahana ny zo mahaolombelona sy ny fahalalana fototra izay manakana tanteraka na amin'ny ampahany ny fizakana zo sy fampiasana izany zo izany.
- Ny mpitandro filaminana dia tokony hanao izay fomba rehetra hisorohana ny herisetra atao amin'ny vehivavy, hanao fanadihadihana momba izany ary hisambotra izay nahavita izany na izy mpiasampanjakana na olon-tsotra ary na taiza toerana nitrangan'izany.
- Ny mpitandro filaminana dia tokony handray fepetra hentitra hisorohana ny herisetra atao amin'ny vehivavy ary hanao andrimaso ny tsy hisian'ny fiverenan'ny fahavoazana intsony izay mety ho vokatry ny tsy fitandremana na ny fomba fanaon'ny mpitandro filaminana mampihatra ny lalàna
- Ny vehivavy voasambotra na voafonja dia tsy tokony iharan'ny fanavakavahana mihitsy ary tokony harovana tsy iharan'ny herisetra na fanararaotana
- Ny fisavàna sy ny fiambenana vehivavy voasambotra na voafonja dia andraikitry ny vehivavy mpitandro filaminana na vehivavy mpiasan'ny fonja
- Sarahina tsy hiray toerana amin'ny lehilahy ny vehivavy voafonja

- Anokanana toerana manokana ny vehivavy voafonja bevohoka na mitaiza kely
- Raràna ny fanavakavahana noho ny maha vehivavy rehefa :
  - Handray mpiasa
  - Hanendry olona hanaraka fiofanana
  - Hanondrotra eo amin'ny asa
  - Eo amin'ny famerana ny karama
  - Hamindra toerana
  - Na koa eo amin'ny fakàna fanampahan-kevitra mikasika ny hoavin'ny asa.

### TORO-LALANA ENTI-MAMPIHATRA IREO FOTO-KEVI-DEHIBE

- Raha misy antso vonjy avy amin'olona niharan'ny vono na herisetra tao an-tokantrano, dia raisina avy hatrany ireo fepetra toy ny famonjena ny niharam-boina ary ny fandefasana azy any amin'ny toerana azony hialofana
- Asio mpitandro filaminana vavy manatrika eo raha vao vehivavy no nandika lalàna na niharana herisetra.
- Fadiana ny teny tsy voahevitra
- Henoina ny hevitry ny mpiara-miasa vehivavy raha misy fanapahan-kevitra ho raisina

- Karakaraina manokana ary tsy azo hamaivanina ny raharaha mikasika ny vono tao antokan-trano na herisetra nampiasaina noho ny filan'ny nofo.
- Sarahina toerana ny vehivavy sy ny lehilahy voasambotra na voafonja
- Anaovana fanadihadihana ireo raharaha misy herisetra tao an-tokan-trano. Henoina ireo niharan-boina, sy ireo vavolombelona, ary ireo mpiandraikitra ny raharaha ara-pahasalamana.
- Hanaovana tatitra ny tranga momba ny herisetra tao antokan-trano. Hamarinina sao efa nisy tranga mitovy amin'io vitan'ilay olona nisamborina teo aloha.
- Rehefa vita ny fikarakarana rehetra ara-pahasalamana sy ara-taratasy sy ny zavatra hafa tokony natao dia miaraha amin'ilay olona niharan'ny herisetra tao an-tranony haka ny entan-keliny sy ny fitafiana any an-tranony raha heveriny fa ilaina ny hanaovana an'izany




Tsy azo atao ny mitazona olona tsy manan-tsiny mba hanerena olona nanao heloka mba hitolo-batana

# △ VIII - VAHINY TSY MIZAKA NY ZOM-PIRENANA MALAGASY

## FOTO-KEVI-DEHIBE

- Atao hoe vahiny ireo olona tsy mizaka ny zom-pirenena malagasy sy ireo olona mizaka zom-pirenena hafa.
- Ara-dalàna ny fitoeran' ny vahiny eo amin'ny faritry ny tanin'ny Fanjakana iray raha toa ka mifanaraka amin'ny lalàna ny fomba nidirany tao na manana fahazoan-dàlana manan-kery hitoetra ao izy.
- Ny vahiny izay mitoetra ara-dalàna eo amin'ny tanin'ny Fanjakana dia mizaka ny zon'olombelona afa-tsy ireo zo ara-politika sasan-tsasany.
- Ny vahiny rehetra dia manana zo hifandray amin'ny masoivohon'ny tany nihaviany monina eto an-toerana.
- Zon'ny vahiny ny ho vangian'ny solotenan'ny masoivohony avy any aminy.
- Tahaka ny olona rehetra, ny vahiny dia manana zo hahafantatra haingana indrindra ary amin'ny antsipiriany ny toe-draharaha sy ny antony hiampangana azy, ka atao amin'ny teny fantany ny filazàna izany.
- Ny vady sy ny zanaka mbola eo ambany fiahian'ny vahiny mitoetra ara-dalàna eo amin'ny faritry ny tany sy ny Fanjakana dia tokony homen-dalàna hamonjy azy.
- Ny vahiny voaroaka dia tokony omen-dalana hamonjy izay tany manaiky handray azy ka tsy azo alefa any amin'ny tany fantatra fa tsy hanaja ny zo maha-olona azy.

### TORO-LALANA ENTI-MAMPIHATRA IREO FOTO-KEVI-DEHIBE

- Ampahafantarina ny vahiny fa manana zo hifandray amin'ny masoivohon'ny tany nihaviany izy.
- Atao izay ahafahan'ny vahiny voampanga hifandray amin'ny masoivohony.
- Atao vonona ny lisitry ny olona azo antsoina handika teny mandritra ny fanadihadiana.

## TSY AZO ATAO AMBANIN-JAVATRA NY ZON' NY NIHARAM-BOINA

### FOTO-KEVI-DEHIBE

- Ny olona rehetra niharan'ny heloka, na ny fanararaotam-pahefana na fanitsakitsahana zon'olombelona dia tokony ho raisina am-panajana tanteraka.
- Ny olona niharam-boina dia manana zo hanatona fitsarana sy hangataka fanonerana ny fahavoazany.
- Ampahafantarina ny niharan-boina ny zony ahazo fanonerana sy fiarovana.
- Ny niharam-boina dia tokony avela hanambara ny fomba fijeriny sy ny eritreriny ho fiarovana ny tombontsoany.
- Ezahina araka izay tratra ny fanotronana ny niharam-boina eo amin'ny lafin'ny lalàna, enti-manana, fahasalamana, filaminan-tsaina, na eo amin'ny lafiny sosialy, ary tokony ampahafantarina azy ny fisian'izany fanotronana izany.
- Arovana ny ain'ny niharam-boina sy ny ankohonany.
- Fadiana ny fampitarazohana tsy voamarina ny fitantanana ny raharaha.
- Vonjena aingana ary harovana ny ain'ny niharamboina sy ny fananany

## TORO-LALANA ENTI-MAMPIHATRA IREO FOTO-KEVI-DEHIBE

- Ampahafantarina ny niharam-boina ny fisian'ny olona mety afaka hanotrona azy eo amin'ny lafin'ny lalàna, sy fitsaboana.
- Ataovy peta-drindrina ny lisitry ny olona na rafitra azo hatonina araka ny trangan-javatra.
- Andraisana fepetra manokana ireo olona marefo toy ny :
  - zaza,
  - vehivavy,
  - kilemaina,
  - be antitra,
  - marary.
- Atao tsara tahiry ny antontan-taratasy mikasika ny niharam-boina ary tandrovana ny tsiambaratelony.
- Ampahafantarina azy ny fepetra noraisina momba izany.
- Averina ny fananan'ny niharam-boina raha tsy misy antony manokana manakana izany



## TSY AMPIASAINA NY HERY NA NY FITAOVAM-PIADIANA RAHA TSY MISY ANTONY TSY AZO ANOHARANA

### FOTO-KEVI-DEHIBE

- Manana zo ho velon'aina sy hiaro ny ainy ny olona rehetra ka tsy azo ampijaliana na ampiasana herisetra na fomba hafa mampietry ny zo maha olona.
- Tsy azo atao ny mampiasa hery raha tsy tafiditra ao anatin'ny fepetra momba ny fiarovan-tena ara-drariny voalazan'ny lalàna ho fiarovan-tena na ho fiarovana ny hafa na ny fananany. Ny hery sy ny fitaovana ampiasaina amin'izany dia tokony hifandanja amin'ny tranga eo noho eo ary tsy tokony hihoampampana.
- Tompon'andraikitra feno amin'ny fampiasana hery izay nanao izany ivelan'izay voatondron'ny lalàna.
- Voarara ny minia manimba fananana sy mandratra olona tsy voamarina ara-dalàna.
- Ilaina ny isian'ny fanofanana hanazavana misimisy kokoa ireo fepetra voalazan'ny lalàna ahazoana mampiasa hery na fitaovam-piadiana.

**Ny andraikitry ny olona mampiasa hery na fitaovam-piadiana**.

- Tsy maintsy manao tatitra ary manao fanadihadiana ny lehibe mifehy raha nisy fampiasana hery na fitaovam-piadiana ka mandray fepetra raha vao fantany fa tsy mifanaraka amin'ny lalàna izany.
- Tsy maha voasazy ny fandàvana tsy hanatanteraka baiko tsy mifanaraka amin'ny lalàna.
- Raha misy fandikan-dalàna ataon'ny mpitandro filaminana dia tsy manafaka azy ny filazana fa naharay baiko izy.



### TORO-LALÀNA ENTI-MAMPIHATRA IREO FOTO-KEVI-DEHIBE

- Tsy ampiasaina ny hery na ny fitaovam-piadiana raha tsy noho ny antony fiarovan-tena ara-drariny.
- Ireto avy ny tranga azo ampiasana fitaovam-piadiana toy ny basy na fitaovana hafa :
- Fiarovana ny tena sy ny hafa ary ny fananana
- Fisamborana olona manao fandikan-dalàna mampiasa herisetra
- Fisakanana ireo mpanao heloka tsy handositra
- Tokony ho hita ny mari-pamantarana hahalalana fa mpitandro filaminana ianao
- Raha tsy tandindomin-doza ny ain'ny mpitandro ny filaminana sy ny an'ny hafa dia hajaina ny fampitandremana milaza mialoha fa hisy fampiasana hery.
- Omena fitsaboana ny maratra vao atomboka ny fanadihadiana
- Ampandrenesina ny fianakavian'ny maratra raha fantatra
- Anaovana tatitra feno ny tranga manazava ny antony tsy azo ialana a nahatonga ny fampiasana hery na fitaovam-piadiana

## HAFATRA LEHIBE HO AN'NY MPITANDRO FILAMINANA

- Ilaina ny fahaizana mandanjalanja alohan'ny hirosoana amin'ny fampiasana hery na fitaovam-piadiana
- Heverina ho toy ny voafahana mandrakariva ny basy eny aminao
- Mahaiza mampiasa tetika mandresy lahatra mba hisian'ny fanelanelanana sy ialana amin'ny fampiasana hery.
- Ilaina ny ezaka hanaraka fihofanana
- Hajao ireo fepetra voatanisa eo ambony ireo

## TOY NY VARY SY RANO NY MPITANDRO FILAMINANA SY NY FOKONOLONA

FOTO-KEVI-DEHIBE

Noho izany :

- Ilaina ny fiaraha-miasa eo amin'ny mpitandro filaminana sy ny fokonolona.
- Harindra ny paik'ady iarahana miasa amin'ny fokonolona.
- Hofanina ny mpitandro filaminana hahay hanaja ny fahasamihafana ;
- Ilaina ny fanentanana sy fampahafantarana mba ahazoana vokatra tsara eo amin'ny fiarahana miasa amin'ny mponina.
- Kajiana hitohy ny fifandraisana amin'ny vondron'olona misy eo amin'ny fokonolona.
- Omena lanja ary amporisihana ny fandraisan'anjaran'ny fokonolona amin'ny asa fitandroana ny filaminana sy ny fampandriam-pahalemana.
- Tsy atao tompon-trano mihono ny fokonolona momba ny olana sy ny zava-manahirana miseho.
- Asiana rafitra afaka mandray fitarainana na tolo-kevitra na fanontaniana avy amin'ny mponina.

# XII. NY MPITANDRO FILAMINANA SY NY ZON'OLOMBELONA.

**MIARO NY ZO AMAN-KASIN'NY OLONA NY MPIANDRAIKITRA NY FAMPIHARANA NY LALANA.**

- Ny tompon'andraikitry ny fampiharana ny lalàna dia mitandro mandrakariva ny fanajana ny zon'olombelona.
- Ny sampan-draharaha misahana ny fampiharana ny lalàna dia manana andraikitra hanaja ny zon'olombelona.
- Ampiharina sy hajaina ny fitsipi-pifehezana misy eo amin'ny ambaratongam-pahefana isan-tokony.
- Hamafisina ny fanaraha-maso mba hisian'ny asa voarindra sy voalamina
- Omena tohiny ny fanitsakitsahana ny zon'ny olombelona nahazoana fitarainana na avy ao anatin'ny samnan-draharaha na avy any ivelany.
- Ny fanadihadiana. dia atao hanangonana porofo ilazana fa misy ny heloka ary hamantarana izay voakasiky ny toe-draharaha na izy nanao heloka na niharam-boina na vavolombelona ary hanolorana ny antontan-taratasy any amin'ny manam-pahefana ara-pitsarana.
- Tompon'andraikitra ny lehibe nahafantatra na tokony ho nahafantatra ny fisian' ny fanitsakitsahana ny zon'ny olombelona nefa tsy naka ireo fepetra mifanaraka amin'izany.

## TORO-LALANA ENTI-MAMPIHATRA IREO FOTO-KEVI-DEHIBE

- Fadina ny fanitsakitsahana ny zon'ny olombelona eo ampanantanterahana ny asa.
- Asiana fanaraha-maso matetika ary mitohy mba hisorohana ny fisian'ny tsy fanajana ny zon'olombelona, ka raha misy izany dia raisina ny fepetra hanajanonana azy na koa itadiavana hevitra tsy iverenan'izany intsony.

# TOVANA

## (Annexe)

Les résumés des normes relatives aux Droits humains et des mesures d'application pratique correspondantes figurant dans le présent guide sont établis à partir des sources énumérées ci-après.

**Sources**

- Déclaration universelle des Droits de l'Homme ;
- Pacte international relatif aux Droits civils et politiques ;
- Convention contre la torture et autres peines ou traitements cruels, inhumains ou dégradants ;
- Convention relative aux Droits de l'Enfant ;
- Convention internationale sur l'élimination de toutes les formes de discrimination raciale ;
- Convention sur l'élimination de toutes les formes de discrimination à l'égard des Femmes ;
- Code de conduite pour les responsables de l'application des lois ;
- Principes de base sur le recours à la force et l'utilisation des armes à feu par les responsables de l'application des lois ;
- Ensemble de principes pour la protection de toutes les personnes soumises à une forme quelconque de détention ou d'emprisonnement ;
- Déclaration des principes fondamentaux de justice relatifs aux

victimes de la criminalité et aux victimes d'abus de pouvoir ;

- Déclaration sur la protection de toutes les personnes contre les disparitions forcées ;
- Principes relatifs à la prévention efficace des exécutions extrajudiciaires, arbitraires et sommaires et aux moyens d'enquêter efficacement sur ces exécutions ;
- Principes directeurs applicables au rôle des magistrats du parquet ;
- Déclaration sur l'élimination de la violence contre les Femmes ;
- Déclaration de Lilongwe sur l'accès à l'assistance judiciare dans le système pénal en Afrique ;
- Déclaration de Kampala sur les conditions de détention en Afrique ;
- Règles minima des Nations Unies pour l'élaboration de mesures non privatives de liberté (Règles de Tokyo) ;
- Ensemble de règles minima des Nations Unies concernant l'administration de la justice pour mineurs (Règles de Beijing) ;
- Règles des Nations Unies pour la protection des mineurs privés de liberté ;
- Stratégies et mesures concrètes types relatives à l'élimination de la violence contre les Femmes dans le domaine de la prévention du crime et de la justice pénale.